


## **ALAHADY FAHA-6 MANDAVANTAONA D**



### **ANDRIAMANITRA NO TENA MAHASAMBATRA FA TSY NY HAREN'NY TANY**

Ry Kristianina havana, amin'izao Alahady tsotra mandavantaona anaovantsika fandalinam-pinoana izao dia nibanjina manokana ny fiantsoan'Andriamanitra isika tamin'ny alahady lasa teo, nirahin'Andriamanitra isika ho mpanarato olona tahaka an'i Simona Piera, nirahina mba hamokatra tokoa isika raha miara-miasa amin'Izy Andriamanitra. Raha manao ny asan'Andriamanitra isika dia Andriamanitra no hanao ny asantsika. Izany tokoa, ny "vocation" dia ny fanatanterahana ny sitrak'Andriamanitra. Nilaza tamintsika I Jesoa tamin'ny Alahady lasa faha-5 mandavantaona teo hoe "Alatsaho ny harato, mirosoa amin'ny lalindalina kokoa".

Amin'izao Alahady faha-6 mandavantaona izao dia manasa antsika koa ireo vakiteny aroson'ny Eglisy mba—hiroso lalindalina kokoa isika eo anivon'ny fiainantsika satria irahina isika hikatsaka ny hasambarana. Mifanaraka tsara amin'izao tanjon'ny Sinaody izao izany. Tsy inona tokoa fa raha OLON-

DEHIBE AMIN'NY FINOANA DIA MIROSO AMIN'NY FANORENANA NY EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY KA MANDRAY AN-TANANA ZARY TABERNAKLA VELONA

Mino aho fa tsaroantsika ilay Fampirisihina Apostolika nosoratan'I Papa momba ny fiantsoana ho amin'ny fahamasinana, ho amin'ny hafaliana, ho amin'ny fiadanana. Lazain'ny Papa fa lèlana mankany amin'ny fahamasinana tokoa ny fanatanterahana ny sitrapon'Andriamanitra satria masina izay miombona amin'ilay masina dia Andriamanitra, lèlana mankany amin'ny fahamasinana sy fahasambarana no niantsoana antsika. Ilay toriteny

Vakiteny I Jer. 17, 5-8

Tononkira : Salamo 1

Vakiteny II : 1 Kôr. 15, 12. 16-20

Evanjely : Lk. 6, 17. 20-26

nataon'i Jesoa tao an-tendrombohitra voalaza amin'ny Evanjely nosoratan'i Md Matio no nataon'I Papa ho foto-pampianarana, fa izao Alahady faha-6 izao dia ny Evanjelin'I Md Lioka no vakina amintsika satria taona D ka I Md Lioka no Evangelista handalinantsika ny finoantsika ka hahafahantsika mivelona ny finoantsika, mankalaza ny finoantsika, mandray an-tànana ny finoantsika sy mizara azy amin'ny hafa. Antintranterin'ny vakiteny androany fa ny tena hasambarana dia ao amin'Andriamanitra irery ihany, tsy misy harena mitondra amin'ny tena hasambarana sy fiadanana raha tsy ao amin'Andriamanitra.

Voalazan'I Jeremia mpaminany ao amin'ny vakiteny voalohany "*Ho voaozona izay olona mitoky amin'olombelona, hosoavina kosa ny mitoky amin'Andriamanitra*". Izany tokoa, isika olombelona miovaova, izao tontolo izao mamitaka. Fantantsika fa korontana vokatry ny fifangaroan-javatra no atolotrizao tontolo izao. Izany no mahatonga antsika ho voaozona raha mifikitra amin'izao tontolo izao fa raha mifikitra amin'Andriamanitra dia tsy hiova izy, izany ny maha Andriamanitra azy. I Jesoa omaly anio ary mandrakizay. Anatra ho antsika izany, raha te ho génération mpanorina isika dia aoka hanorina amin'ny zavatra mari-pototra mba tsy ho voahozongozona ny fiainantsika, Andriamanitra irery no tsy miova. Nilaza koa I Jeremia "*Manahaka ny anjavidy eny an-tany lava volo izy, ary rehefa misy hasambarana tonga, tsy ifaliany; honina amin'ny tany karankaina any an'efitra, any amin'ny tany sira, tsy misy mponina! Hohasoavina ny olona mitoky amin'ny Tompo, sy manantena ny Tompo ho tokiny! Manahaka ny hazo nambolena eo amoron-drano Izy, mandatsaka ny vahany mankany amin'ny rano mandeha; tsy matahotra rehefa tonga ny hainandro, sady maitso ravina mandrakariva; tsy manahy izay taona fahamainana izy, ary tsy mitsahatra ny mamoa.*"

Izany tokoa ny tsodranon'Andriamanitra ho an'izay mifikitra aminy ary mahazo ny fiadanana mandrakizay. Ny lèlana mankany amin'ny hasambarana no ambaran'I Jesoa amin'ny Evanjely raha namory ny olona marobe nanaraka azy izy. Matoa ny olona manaraka ny Tompo dia mba te-hahita sy hiaina ny hasambarana, tsy misy olona tsy mikasaka hasambarana, samy te ho sambatra ny olona jiaby.

Raha fintinina ny fampianaran'I Jesoa dia tsy hoe ny fananana izao zavatra rehetra izao no hasambarana fa miankina ny maha anao anao, ka raha ny toetranao mifanaraka amin'ny sitrak'andriamanitra dia sambatra ianao. Izany no dikan'ireo hasambarana ampianarin'I Jesoa amintsika androany.

Inona no ambarany raha milaza izy fa sambatra ny mantra, ary loza ho an'ny mpanankarena, tsy ny harena no ratsy fa rehefa izy no tompona zary Andriamanitra. Indrisy izany no miseho amin'izao. Aza gaga isika raha mikorontana ny fiainantsika, tsy mahita fiadanana isika. Tsy ny fahantrana no tsara, tsy miantso amin'ny fahantrana Andriamanitra raha nahary antsika, fa napetrany tao amin'ny sahan'I Edena mba hanana ny rehetra ary hiasa, hikarakara sy hikolokolo ny zavaboary. Inona anefa nitranga? Zary mpifahavaloxa isika sy ny zavaboary.

Tsy ny fahantrana no tadiavina eto fa ny toe tranao mahantra, izany hoe mitoky amin'Andriamanitra satria izy no loharano sy ny fototry ny harena rehetra hanananao ary haterinao aminy ho fanasoavana ny hafa, izany no fahafoizana izay midika fahantrana eto, izany no toe tra tian'i Jesoa ananantsika.

Sambatra ny noana fa loza kosa ho an'izay voky, sanatria tsy miantso hanoanana Andriamanitra fa indrindra amin'izao andro sarotra izao, fa ilay hanoanana, toe tra mikatsaka ny fahamarinana, noana ny fitiavana ny fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny, ilay hanoanana mikatsaka mandrakariva amin'izay fanasoavana ny hafa. Io ilay hanoanana iantsoan'I Jesoa, ny fijoroana amin'ny hanoanana izany no lalana mankany amin'ny hasambarana ho anao sy ho an'ny manodidina. Fa raha voky fitapitaka sy fialonana dia izay no loza. Raha te-ho sambatra isika amin'izao androntsika izao dia aoka isika ho noana ny fahamarinana.

Sambatra ireo mitomany, tsy ny fitomaniana no tadiavina eto fa ilay fitomaniana mikatsaka ny rariny hatrany. Mitomany noho ny fahotana izany hoe ny fanilikilihana ny hafa.

Sambatra raha ankahalain'ny olona ianareo fa ho lehibe ny valisoa, tsy mikatsaka ny fankahalana sanatria fa fijoroana ho vavolombelona no takina amintsika. Izany fijoroana izany no manelingelina ny hafa, izany tokoa I Jesoa, nanelingelina ny mpiara-belona izy ilay mpampianatra sy tompontsika nefo tsy voahozongozona ary fantantsika fa nandresy izy.

Aoka isika araky ny fampianaran'I Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa "*Aoka isika hijoro ho vavolombelon'ny fitsanganan-ko velona*". Ny mahatonga antsika mifikitra amin'ireo fampianaran'I Jesoa dia satria velona miaraka amintsika Andriamanitra. Averimberintsika matetika fa izay no maha samihafa ny finoantsika. Ny finoana hafa dia tsy eo anivony I Jesoa fa ny finoantsika dia I Jesoa velona no eo anivontsika. Izany no mahatonga antsika miatrika an'ireo izay mety hanilikilika antsika noho izany finoana izany, tsy hoe hiady amin'izy ireo isika fa manambara ny finoantsika, araka ny lazaintsika "katolika aho ka ambarako sy iainako ny finoako". Izany no mitondra amin'ny hasambarana tsy hoe nofinofy izany hasambarana ambaran'I Jesoa izany, tsy hoe "opium du people" araky ny fitenin'ireo manam-pahaizana, tsy nofinofy ny fivavahantsika satria nandresy ny ratsy I Jesoa. Aoka isika tsy ho voafitak'ireo mpanonofy ka mampanantena zavatra tsy misy. Aza avela ho viravirain'olona ny fanantenantsika, izany hoe ny fiainana manontolo fa indrindra ny ho avy. Atolory amin'izay afaka manome ny fiainana ny fanantenana dia hirindra ny fiainanao. Tokana no afaka manao izay dia llay nandresy ny fahafatesana, nitsangan-ko velona, hoy Md Paoly.

Mety manontany isika aiza àry ireo hasambarana ireo ? Tsy hitanay izay tokony hatao. Raha ny hamafin'izao tontolo izao dia resy isika fa matoky kosa isika raha mampanjaka ny marina Izany no mahatonga antsika miatrika izao Sinaody izao. Raha isika Kristianina rehetra sy vita batemy rehetra no manambara ny fifankatiavana dia handresy ny ratsy ary izany no maha génération mpanorina antsika, Eglisy OLona Velona isika velomin'ny finoana an'I Jesoa nandresy sy nitsangan-ko velona. Eo anivontsika I Jesoa, olona miara-belona amintsika Izy ka

izany no ahafahantsika miaina tahaka Azy ka maniraka antsika mikatroka anatin'ireo vaomiera na rafitra misy eo anivontsika indrindra ny vaomiera sosialy ho entintsika hanapotehana ny ratsy rehetra misy eo anivon'ny tontolo iainana, sy tontolom-piaianana ary ny tontolom-pinoana fa manorina kosa isika Eglisy Tranon'Andriamanitra izay tontolo sy zava-boaary velomintsika, tontolom-piaianana hanjakan'ny rariny sy ny hitsiny ka hifampizarantsika amin'ny alalan'ny Caritas, Justice et Paix, ny diosezy maintso, mampijoro koa ny tontolom-pinoana ka ankalazantsika ny voninahitr'Andriamanitra tsy amin'ny hira fotsiny fa amin'ny fiainantsika manontolo. Ny litorjia dia ilay eokaristia hivelomantsika amin'ny fiainantsika manontolo. Izany no hasambarana ka horaisintsika an-tànana tokoa ny fiainantsika hahatonga antsika ho Kristy mpiara belona amin'olona. Izany rehetra no ikatohantsika amin'izao Sinaody izao mba ho EGLIZY MIARA-DIA VELOMIN'NY BATEMY KA MIOMBONA HO EGLIZY OLO MANDRAY AN-TANANA KA IRAHINA HO MISIONERA HO TABERNAKLA VELONA.

Ry Jesoa Kristy Tompo ô, nampianarinao anay ny lèlana mankany amin'ny hasambarana, tsapanay fa tsy hoe fananana an'izao na fanaovana an'izao no hasambarana fa ny fiainanay ao aminao, ny toetranay, ny fanatanterahanay ny sitrak'Andriamanitra. Koa ampianaro izahay hampijoro izany finoana velona izany ka ho zary EOV tokoa anie izahay hizara izany hasambarana marina izany.

Enga anie hampieritreritra izao tontolo izao ireo teninao ireo ary izahay amin'ny fiainanay anie hanaitra izao tontolo izao, ka hifampizara tokoa an'ireo hasambarana ireo hahatonga anay tokoa amin'ny alalan'izao Sinaody izao ho génération mpanorina ny tontolo iainana vaovao, mpanorina ny tontolom-piaianana vaovao hanjakan'ny rariny sy ny hitsiny ary ny fifankatiavana. Ny tontolom-pinoana hiderana sy hihirana ny voninahitr'Andriamanitra. Masina Maria Renin'I Jesoa tantano izahay ho any amin'I Jesoa Ilay hany hasambarana tena izy. Md Josefa Ray Mpiairon'ny Eglisy Erantany mivavahà ho an'ny Ray rehetra sy ireo Tompon'andraikitra isan-tsokajiny mba hivelona tokoa ny vòkasiona maha-Ray ka hitarika ny olona amin'ny tena fivoarana mampivelatra ny maha olona sy olona manontolo. Amen

Mompera Arseveka Benjamin Ramaroson